# 365Tantara 67. Manao safidy!



# 67. Manao safidy!

Indray maraina, ny mponina rehetra tao New York, izay nandray ny métro tao amin'ny station 110e rue Manhattan Dia nahita soratra teo amin'ny rindrina manao hoe:


GOD IS DEAD!
NIETZSCHE

# "Maty Andriamanitra, sonia Nietzsche"

**Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa**



Andro vitsy taty aoriana, mpandalo hafa nanoratra teo ambany:

"Maty Nietzsche - Andriamanitra"



Izay rehetra nandalo teo dia tsy maintsy nieritreritra ny amin'ny halalin'ireto teny ireto. Amin'ny ilany, fanambaran'olona Filosofy malaza, izay mandà ny fisian'Andriamanitra. Na dia heverina ho olon-kendry, raha ny heviny sy ny mpiara-monina aminy Anisan'ireo ambaran'ny Baiboly kosa fa adala. Ny ohatrany dia hamafisin'ny vakinteny ao amin'ny "I Korintianina 1:21" "Fa satria, na dia naseho aza ny fahendren'Andriamanitra, ny fahendrena dia tsy hahatonga izao tontolo izao hahalala an'Andriamanitra" Kanefa ny Zava-bitany sy ny Fahatsarany dia porofo mivaingana. Fa ny fombany tsy hita, dia ny heriny mandrakizay sy ny mah'Andriamanitra Azy, dia miseho hatramin'ny nanaovana izao tontolo izao, fa fantatra amin'ny zavatra nataony; ka dia tsy manan-kalahatra ireo; Romana 1:20



Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa


GOD
IS
NIETZSCHE
IS DEAD
GOD

Etsy ankilany, ny valintenin'ilay Mpamorona, marina sy tsy azo idifiana. Didim-pitsarana ambara ao amin'ireo pejy voalohan'ny Baiboly Izao no ambaran'ny bokin'ny Genesisy 2:17

"dia ho faty tokoa hianao"

Ary tanteraka foana io didy io. Ny tsirairay anefa dia mametra-panontaniana ny amin'ny any ankoatra. Sakaiza, izay mihaino. Miangavy anao aho haka fotoana hieritreretana. Afaka mino an'i Nietzsche na mino an'Andriamanitra! Ny ho avinao mandrakizay dia miankina amin'ny safidinao; Manaova ny safidy tsara!